**Fifaninanana Nasionaly 2018**




*Torolalana sy toromarika ho an'ny mpilalao*

# Inona moa ny People Power?

- Kilalao miresaka pôlitika, paikady ary fiovana ara-tsosialy.
- "Jeu de rôle" mifangaro "jeu de stratégie" ➔ ny mpilalao dia maka ny endrika mpitari-tolona miady amin'ny mpampijaly izay mampiasa hery famoretana samihafa (polisy, maramila, ny mpiasam-panjakana, ny gazety sns). *Ny hany fitaovana ananan'ny mpilalao dia ny fahaizany mandrafitra paikady sy ny hafetseny*.
- Mampianatra ny fomba fametrahana hetsik'olompirenena tsy misy herisetra ny People Power. Fampiharana ny fiofanana natao nandritra ny roa andro izy noho izany.

# Ahoana ny fomba filalao azy?

1. Tsindrina in-2 ny sarikely *People Power > Main Menu > New Game*.
2. Misafidy scenario avy eo ary tsindrina ny START.

- Ny scenario dia manomboka amin'ny andro voalohan'ny tolona ataon'ny mpilalao. Mipoitra ho azy eo amin'ny écran ny tantara fohy manazava ny scénario tsirairay ary tsy maintsy vakiana izy io. Jereo ao anatin'ny *Country Information Notebook*, eo amin'ilay etazera misy boky eo amin'ny ankavanana, ny information rehetra ilainao ho fantatra. Ao anatin'ny *HELP > Help People Power* koa dia ahitana fanampiana mety ho ilaina.
- Ankoatra izay, isaky ny misy fenêtre vaovao misokatra ao anaty lalao dia misy foana ny fanampiana mifandraika amin'izany, izay hita @ fanindriana ny bokotra "**?**".

Ireo isan'ny mpitolona anananao. Mety mihena/mitombo

Ny vola hanananao. Mety mitombo/mihena

Ny lera fiasana hanananao.

Daty

Ny tanjaky ny mpifanandrina aminao. Mihena raha toa ka mahomby ny paikadinao.

Ny tanjaky ny mouvement entinao . Mitombo rehefa mety ny paikady. Mihena rehefa tsy mahomby




Saritany

Fanombohana: filazana ny zavamisy. Isananadro dia mivoaka angazety foana ny tohin'ny tolona

Calendrier: rahoviana ny mpitolona no hanao inona?

Tranomboky

Andro fitolomana manaraka

Réseau: iza no naman'ny mpitolona?

Olona sy Toerana

Vaovao an-gazety

Drafitra sy Paikady

Efitra fivoriana

**TAKELAKA VOALOHANY**

# FAMPIASANA NY SARINTANY


**Grievance** = fitarainana
**Repression** = famaizana
**Dissent** = taham-pitakiana

Safidiana eto ny anaran'ny faritra tianao ahazahoana information, araka ny saritany hita etsy

Isan'ny mponina sy tahan'ny mponina miaina an-tanandehibe

**Conditions**: moa ve miadana ny olona ao? (ex: 70% = eny, 50% = eo ho eo ihany
**Awareness**: tahan'ny fahalalan'ny olona ao vaovao
**Hardship**: tahan'ny fahasahiranana ao amin'ilay faritra

Hita eto ireo faritra samihafa anaty firenena iray





**Movement credibility**: moa malaza ve ny tolona entino ao @io faritra io? (ex: 0% = TSIA
**Regime legitimacy**: fahatokisan'ny mponina ny fitondrana (ex: 41% = AVO)

# DRAFITRA SY PAIKADY

**Campaigns**: hita ao ny karazana hetsika rehetra azonao atao, ary safidiana hoe rahoviana no hanao inona

**Tactics**: paikady azo isafidianana

**Schedule**: Rahoviana? Hita ao daholo ny ressources ananananao. Ny hetsika tsirairay dia mila olona, vola, sy fotoana




**Suggestions**: Raha toa ka tsy tapakevitra dia tsindrina ity bokotra ity, mipoitra ireo sosokevitra ireo, tsindrina ny SCHEDULE = mipoitra anaty calendrier ny hetsika ho atao


Raha mbola mila « suggestions »-na hetsika hafa dia tsindrina ity

Olona (malaza na tsia) azo alaina ho namana, mpiara-mitolona na koa miala hatahorana

Karazana vondron'olona na antoko misy, azo alaina ho namana na koa mila fahamailoana fa mety ho fahavalo

Mikasika ny tolona sy ny mpitolona

Momba ny fitondrana sy ny mpitondra




Informations samihafa mikasika ireo faritra samihafa ao anatin'ilay firenena

Tantara sy mombamomba ny vondrona iray, ny firehany, ny tanjany sns. Ahafahana mandinika ny fangalana azy ho namana na tsia

## OLONA/VONDRONA SY TOERANA

Eto koa afaka isafidianana izay olona tiana ho fantatra

Fifandraisan'ilay olona amin'ireo vondrona/antoko/olona samihafa eo amin'ny fiainam-pirenena, Ahafahana mandinika hoe iza no hokitihina raha haka ny fon'iza


Ny mombamomba ilay mpitolona na ilay olona tiana ho alaina ho mpiara-miasa

**Enthusiasm** = fahazotoana

Fear = Tahotra

**Alignment** = firehana (raha regime dia mira fa momba ny fitondrana izy)

**Hostility** = taham-pahankahalana





Afaka cliquéna ny anarana tsirairay fa misy information momba azy daholo

## NY TRANOKALAMPIFANDRAISANA

# TSARA HO FANTATRA

Hitanao ao @ Efitra fivoriana daholo ny raccourcis rehetra mitondra amin'ireo fitaovana samihafa. Cliqué-na ireo sary ireo dia tafiditra @ pejy maro samihafa ianao




Isanandro dia misy vaovao mipoitra ho azy tahaka izao. Ity izao dia milaza fa nisy cyclone nandrava faritra iray ary betsaka ny maty. Mety midika izany hoe sahirana ny mponina aoamin'io faritra io ka mety « hanararaotra » izany fahaosana izany ny mpitondra, ny mpitolona kosa afaka hanampy ohatra ka hitombo ny fankasitrahan'ny mponina azy…

# TOROHEVITRA SAMIHAFA

- Manàna saina tia karokaroka
- Aza manaiky lemen'ny teny anglisy, toy ny jeu hafa efa nataonao ihany io
- Ampiasao ny fahaizana noratovina nandritra ny fiofanana, indritra eo amin'ny lafiny Paikady sy Drafitra, Fanomanana hetsika ary Fanangonana Namana Mpiara-mitolona
- Tadidio fa raha ratsy ny paikady ampiharina dia hitombo ny tanjaky ny mpitondra ary hihena kosa ny tanjaky ny tolona
- Raha te-handresy ny jadona dia tsy maintsy mamory ny heriny ny besinimaro. Izany hoe tokony mitombo ny isan'olona anatin'ny tolona fa tsy mihena (raha te-hahomby). Raha mihanahana ny mpitari-tolona dia milefa mamonjy tolona hafa ny mpikambana ao aminy.
- Kilalao izy ity fa hevero hoe tena zava-misy iainanao. Ho mora kokoa ny fanapahan-kevitra amin'izay!



*Loka miavaka no miandry ny ekipa mpandresy nasionaly ka alao hery ary!!* ☺